Salama

Centrale d'Achats de Médicaments Essentiels
et de Matériel Médical de Madagascar

# Ny Politikan' ny Kalitao

## FANAMBARANA SY FANOMEZAN-TOKY AVY AMIN'NY MPITANTANA

Ny asa ampiandraiketina an'i SALAMA dia ny fiantohana ny famatsiana fanafody sy fitaovana "medikaly", tsara sy amin'ny vidiny mirary, ireo tobim-pahasalamana miankina amin'ny fanjakana sy ireo tsy miankina mpanao asa soa manerana an'i Madagasikara.

Koa satria ny fahafaham-pon'ny mpanjifa no ivon'ny ahiahantsika, dia tsy maintsy mitondra fanatsarana hatrany isika amin'ny asa ataontsika, ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy sy ny rafi-pahasalamana misy eto amin'ny firenena.

SALAMA, soloin'ny Tale Jeneraly tena izay manana fahefana feno hanapaka, araka ny Soritr'asa arahana paik'ady 2020-2024, dia nisafidy ny hampirona ny asa rehetra sahaniny amin'ny fanomezana fahafaham-po maharitra ireo mpanjifa sy ny mpiara-miombona antoka aminy.

Ireto avy no takian'ny mpanjifa:

1. **Ny fisian'ny fanafody tsy tapaka**
2. **Ny fifanojoan'ny ny kalitao sy ny vidin'ny fanafody**
3. **Ny fanomezana tolo-draharaha tonga lafatra**

Mba ho tomombana tsara izany "Politikan'ny kalitao" sy ny fikajiana ny fanafody izany, dia namaritra ireto ezaka ireto SALAMA:

1. **Omena fahafaham-po ny mpanjifa amin'ny alalan'ny fifehezana tsara ny fomba fitantanana ny tahirim-panafody**
2. **Fehezina ny tsenam-barotra mba hifanojo tsara ny kalitao sy ny vidiny**
3. **Hatsaraina ny tolo-draharaha amin'ny alalan'ny fifehezana sy fampanaraham-penitra ny asa atao rehetra**

Ny "Politikan' ny kalitao" dia asiana fanitsiana tsy miato amin'ny alalan'ny dinika tontosain'ireo Mpitantana mba hitoetra sy azo ampiharina amin'ny tanjon'ny SALAMA.

Toky no omeko:

1. **fa hampihatra sy hampanaja ireo fepetra rehetra napetraka amin'ny alalan'ny fanomezana ny ho enti-manana na eo amin'ny lafiny ara-pitaovana, na ara-bola na ara-olona, ilaina mba hanatratrarana ny tanjona**
2. **fa hiantoka ny fampiharana ny "rafitra ara-kalitao",voazara, arahi-maso sy hatsaraina.**

Ny fahombiazantsika ankehitriny sy ny amin'ny hoavy dia miankina amin'ny ezaka ataontsika tsirairay avy eo amin'ny famolavolàna, fanajana ary fanatsarana ny rafitra ara-Kalitao.

*Natao ny 09 Jiona 2020*

*Mieja Vola RAKOTONARIVO*
*TALE JENERALY*

*Pour la santé du plus grand nombre*
*Ho an'ny fahasalaman'ny rehetra*

afaq ISO 9001 Qualité AFNOR CERTIFICATION